
# Jesoa Velona Ao Amin'i Maria

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information - N° 42, Oktobra 2021 - Association Marie Reine des Coeurs



## Ivon-toeran'ny Fikambanana iray

# FIKAMBANAN'IREO ASSOCIÉS MONTFORTAINS AO KENYA, AFRIKA ATSINANANA

*Ity fifampizarana ity dia voarain'ny tonian-dahatsoratrin'ny biletam-pifandraisana tamin'ny faran'ny volana Desambra 2020. Vokatry ny fiaraha-miasan'ireo rahalahy sady mpiara-miasa izay tonga sy miasa ao Kenya. Ny vondrom-piarahamonina Skolastika Montfortana izay tantanan'i Mompera Jacob Ombidi SMM, izy ihany koa izay isan'ny Mpikambana ao amin'ny Filan-kevitrin'ny Delegasiona Jeneraly ao Afrika miteny Anglisy.*



**Avy amin'i P. Jacob Ombidi, SMM**




## Tantara fohy mikasika ny Fikambanana

Ny Fikambanan'ny "Associés Montfortains" ao Kenya dia fikambanana lahika izay iarahan'ireo mpikambana miaina sy mifampizara ary mampiroborobo ny fiainam-panahy amin'ny fanokanan-tena manontolo amin'i Jesoa Tompontsika eo am-pelan-tànan'i Maria Renintsika, araka ny fampianaran'i Masindahy Louis-Marie de Montfort. Raha ny marina, izy ity dia vondrona lahika miara-miasa amin'ny Fikambanana Montfortana ao Kenya ary miombona amin'ny lahika Montfortana rehetra maneran-tany. Nanomboka ny taona 2006 no nisy ny lahika associés ao Kenya saingy miadana ny fitomboany hatramin'ny taona 2019, fotoana nisian'ny mpikambana fito hafa niditra, izay midika hoe nitombo ny isan'izy ireo.

## Fivoaran'ny mpikambana isan-taona

Isan-taona, ankoatran'ity vanim-potoana farany ity nohon'ny valan'aretina Covid-19, mpikambana vaovao (manodidina ny 5-6) no manokan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria. Na izany aza, nihena io isa io vokatrin'ny Covid-19 satria dia vitsy ny olona nanokan-tena sy niditra tato amin'ny vondrona. Amin'ny ankapobeny, mpikambana mavitrika miisa 25 matetika no tonga amin'ireo hetsika ataon'ny vondrona.

## Hetsika fanofanana atolotra an'ireo Mpikambana

Isaky ny Sabotsy fahaefatra amin'ny volana dia misy ny fifampizarana atolotrin'ny Pretra na Frera Montfortana iray ho an'ireo Associés ao amin'ny Tranon'ny Montfortana. Fanampin'izay, misy ny tapak'andro anaovana laretirety na fihatahana Masina izay tarihan'ny Pretra Montfortana, indroa isan-taona ao amin'io trano io ihany. Matetika, izany dia atao isakin'ny fiandohan'ny vanim-potoanan'ny Fiaviana na koa amin'ny vanim-potoanan'ny karemy.

## Anaran'ny Mpandrindra ankehitriny:

Atoa. George Montfort Ndinika

## Asa misionera na fitoriana tanterahin'ireo Mpikambana

Indraindray ny mpikambana dia mikasa ny hitsidika ireo sekoly manabe ankizilahy manokana mba hiresaka momba ny fiantsoan'Andriamanitra ho Pretra, miaraka amin'ny fanampian'ireo Frera sy Pretra Montfortana. Fanampin'izay, manao fivahinianana masina any amin'ireny toerana masina manokana ho fanajana an'i Masina Maria ireny izahay indray mandeha isan-taona. Ny ankamaroan'ny mpikambana dia mitsidika ny toerana masina manokana fanajana an'I Maria ao Subukia ary koa ao Komarock. Manatanteraka asa famindram-po ihany koa ny mpikambana toy ny famangiana ny trano fikarakarana ny zokiolona na ireo kamboty. Na izany aza, foana ny sasany amin'ireo fandaharam-potoana ireo vokatr'ity avalan'aretina Covid-19 ity.

> « Marie est sage: mettons tout entre ses mains; elle saura bien disposer de nous et de ce qui nous appartient à la plus grande gloire de Dieu » (ASE 222)

## Fandaharam-potoana amin'ireo hetsika mahazatra

Mandritra ny fihaonana fanao isam-bolana ao amin'ny Tranon'ny Montfortana, ny mpikambana dia mivavaka sy miara-mihaino ny fandinihana omen'ny Pretra na ny Frera montfortana iray. Mifanakalo hevitra amin'ireo fanontaniana mahakasika ny Fikambanana izahay (miaraka amin'ny fandinihana ireo lesoka fa eo ihany koa ireo zava-bita tsara sasany). Mihaino ny fieken-keloka ny Pretra izay arahan'ny fankalazana ny Eokaristia. Miara-misakafo atoandro sy miombona anaty firahalahiana ny mpikambana. Ny mpikambana sasany dia mandray anjara amin'ny fanoratana lahatsoratra izay mivoaka ao amin'ny gazety boky "Vagabond" mivoaka isaky ny enim-bolana, izay avoakan'ny Delegasiona Jeneralin'ny Misionera Montfortanan'ny Afrika miteny Anglisy. Fanampin'izay, mandray anjara mavitrika amin'ny fety koa ireo mpikambana, indrindra ireo voatokana ho an'ny Fianakaviambe Montfortana toy ny Fetin'I Masina Maria notorotoronina tsy azon-keloka sy ny fetin'I Masindahy Louis-Marie Grignion de Montfort.



**Olana sedraina**

Ny olana lehibe natrehina hatramin'ny nanombohan'ny vondrona dia ny tsy fananana faharetana. Ny mpikambana sasany dia manatevi-daharana anay isan-taona, manao ny fanokanan-tena amin'i Jesoa eo ampelan-tanan'i Maria nefa avy eo mandao ny vondrona. Raha lazaina amin'ny fomba hafa, ny olana dia ny tsy fahatongavan'ireo mpikambana vaovao. Fanampin'izay koa, tsapa ny tsy fandraisana anjaran'ny mpikambana sasany amin'ny fivoriana fanaonay isam-bolana. Na dia manana mpikambana mihoatra ny 20 isa aza ny vondrona, tsapa fa vitsy ny olona tonga amin'ny fivoriana efa fanao isam-bolana izay efa fantatra sy voalamina mialoha. Izany no tranga tamin'ireo mpikambana tranainy sasany izay tsy tena nazoto. Lasa sarotra noho izany ny mitazona ireo mpikambana sasany izay manokan-tena satria ny sasany misafidy ny hanokan-tena tsotra fotsiny fa avy eo tsy voatery hanaraka ny vondrona.

Na eo aza ny valan'aretina Covid-19 izay nisy fiantraikany ratsy tamin'ny hetsika maro tao amin'ity vondron'ny Associés ity, notazominay hatrany ny fivoriana fanaonay isam-bolana amin'ny alalan'ny fivoriana ara-pifandraisan-davitra ZOOM. Izy ity no ahafahan'ny tsirairay mifandray sy mifampahery amin'ny fomba rehetra izay azo atao. ■

**Fampianarana**

# Fitiavan'i Montfort ny mahantra



Avy amin'i P. Olivier Maire, SMM

*Ity ampahan-dahatsoratra ity anisan'ny lahatsotra nosoratan'i Mopera Olivier Maire nampitondrainy lohateny hoe « Ireo mahantra sy ny ny fahantrana tao amin'ny fiainan'i Louis Marie Montfort » izay nivoaka tao amin'ny gazety boky « Spiritualità Monfortana », no. 3, tao Rome.*

*Alohan'ny famakiantsika ity lahatsoratra ity , tsara raha olona 3 no eo amban'ny masontsika . Voalohany , Olivier Maire . Faharoa , Louis-Marie de Montfort . Fahatelo, Jesoa Kristy. Olivier no ataontsika loha laharana satria niaina ny vaninpotoana misy antsika izy , Louis Marie no Mpampianatra izay nampianatra azy ireo toetra manoloana ireo mahantra , amin'ny maha mpanara dia an'i Jesoa Kristy , ary farany Jesoa Kristy izay « loharano iraisana »hisotroan''i Louis Marie sy Olivier , Izy no antony nahatonga an'i Montfort sy Olivier hananana fitiavana ny mahantra.*

*Mahakasika an'i Montfort , izay mpitantana ara- panahy an'i Olivier Maire, izay arahantsika rehetra, rentsika izay nolazaini Frera Daniel Busnel nandritra ny lamesa fanaovam-belona an'i Mopera Olivier. Hoy indrindra Daniel : Mpanara dia an i Montfort ianao , notovozinao tao amin'ny Ray mpanorina ny fikambanantsika ny herizika mba hahatonga ny Fiatrana ho fomba fiainanao » Ity Fiatrana no hery nanosika an'i Olivier tamin'ny fanapahan-keviny , niaraka tamin'ny ankohonan-piainany, handray ireo mpivahiny, ireo tsy manan-kialofana ary mahantra, ao amin'ny Tranontsika Saint Laurent-sur-Sèvre.*

*Nolazain'i Frera Daniel fa ny Fiatrana no lalam-piainana ho an'ireo mpanara-dia an'i Montfort, satria efa voasoratra anaty ireo fitsi-pifehezana navelan'i Montfort ho an'ireo misionera. Izay ihany koa no lazain'i Mopera Luizinho, lehiben'ny Fikambanana Montfortanina , izay nitanisa ireo asa soratr'i Montfort mikasika ny fomba fiainana tokony ananan'ireo misionera amin'ny fifandraisany amin'ny mahantra. Toy izao ny lahatsoratra mikasika ny fitsi-pifehezana nosoratan'i Montfort .*

*« Manana Fiantrana feno fiheverana ny hafa sy fandavan-tena tsara , mitady ny fomba hanome hafaliana ny iray amin'ny hafa ; feno fanajana, mitandrina ny haja ny hafa ,feno faharetana , mahay mifampizaka amin'ny halemen'ny hafa.*
*Ity mpanjakavavy ny hatsaram-panahy no mpanjakavavy sy lehiben'ny Fikambanana mba hifehy amin'ny tapa-kazo vita amin'ny volamena, Izy no fiainana, rohy sy mpiambina ; ny avonavona, ny fahavitan-tena ary toe tsaina tia tombontsoa voarara : limen obi, vivax imperat intus amor.*
*Manana fitiavana manokana ny mahantra , anaty ny iraka na ivelan'ny iraka, tsy manda na oviana ny Fiantrana, na ara-batana, raha azony atao, na ara-panahy, rehefa tsy mitanisa ho azy na Ave Maria iray aza.*
*Isaky ny mahavita Katesizy , manomana sakafo ho an'ny mahantra ao amin'ny paroasy izay nanatrika Katesizy ; ary isan'andro hariva, maraina mampisakafo iray eo an-databany » (RM 44-49). »*

*Manoloana ny ny zava -misy mahakasika an'i Mopera Olivier, nandefa hafatra taty amiko Frera, Frère Jean-Paul MBENGUE, Assistant général des Frères de Saint-Gabriel ny 10 Aogositra 2021 , toy izao ny nosoratany : « mifanaraka amin'ny nolazainy sy ny nataon'i Mopera Olivier. Nampianatra betsaka momba i Montfort izy sy ny Fitiavana manokana ny mahantra. Tsy nijanona teo amin'ny teny fotsiny izy». Andeha arantsika ny ampahany amin'ny lahatsoratra nosoratan'i Mopera Olivier mikasika izay lohahevitra izay.*

***Arnold SUHARDI***



## 1. Ny fotoana fiofanan' i Louis-Marie de Montfort fony izy tanora

Ny taona 1688-1692 , raha mbola mpianatra tao amin'ny kolejy Jesoita tao Rennes i Louis-Marie , efa anisan'ny tontolony sahady ny mahantra, niaraka tamin'ny maha izy azy, ny fianarany ary ny fanoloran-tenany amin'ny fiainan-panahy.

> « Foana ny fotoana ho an'ny fianarana sy ny fampiharana ho an'ity mpianatra tia vavaka , nampiasainy tamin'ny famagiana ireo mahantra na ho an'ny sary na amin' ny asa hosodoko . Ireo fotoana hakany aina natokany ho an'ny fitiavan-bavaka ; ary natokany hamangiana ny hopitaly sy ireo tena mpitondra fivavahana tena tia vavaka ; ary ny fahafinaretana ho azy, rehefa miresaka na maheno resaka momba an'Andriamanitra » (Blain 5).



Mikarakara ny mahantra, miampy ny famangiana ireo toerana fandraisana marary na toerana hafa , anisan'ny fiofanana ho an'ny fiainana kristianina tena marina, ao anaty fikambanana izay ivondronan'ireo tanora maro tantanana Mopera Julien Bellier, izy no anisan'ny namolavola ny fiainan'i Louis Marie. Mijoro vavolombelona momba izany izy tenany tamin'ny taona 1719, tao anaty taratasy nosoratany ho an'i Grandet:

> « Louis Grignion no voalohany sy tsy tapaka mitondra ny hafa amin'ny fampiharana ireo hatsaran-toetra maha kristianina sy maha pretra izay nampianarina azy ireo. Irahin'ity Pretra izy ireo , rehefa vita ny fampianarana , mandritra ny andro tsy fiasana , tsiroaroa na tsy telotelo, manampy ireo mahantra any amin'ny Hopitaly sy ireo Hopitaly mitsabo ireo tsy sitrana intsony , mamaky boky ho azy ireo mandritra ny sakafo, ary katesizy avy eo. Tsy misy fotoana tsy hahavitan'i Montfort an'ireo asa fampiharana ireo. Indray andro, tonga namangy azy tao Rennes ny reniny, rehefa vita ny fianarany , lasa namangy marary tamin'ny Hopitaly St. Yves mba hamangy ireo marary ; nahafantatra vehivavy mahantra iray izy izay nanontaniana, iza no nametraka anao teto ary hoy ny navalin'ilay ramatoa mahantra azy : « Ny zanakao, Tompoko ,no namome ahy ny fidirana tato ary izy no nibata ahy tamin'ny seza. »

«Efa anisan'ny tontolony sahady ny mahantra, niaraka tamin'ny maha izy azy, ny fianarany ary ny fanoloran-tenany amin'ny fiainan-panahy»

Ny fitiavam-bavaka sy fanompoana ny mahantra dia tsy afa nisaraka , satria ny asa fiatrana tsy mahakasika fotsiny ny ara materialy fa ny fiainan-panahy ( Katesizy, vaky boky ara-panahy). Ny fiainana Kristianina ihany koa tokony voavolavola mba tsy hisy fifandirana (ara-panahy sy ny ara-batana) , fa mizara ary mahay miara miaina ny ara-panahy sy ara-batana. Ny fanompoana ny mahantra tsy natao ho asa fampiharana manokana, fa asa iraisana, tanterahina ho an'ny iraka voaray, izay anisan'ny antsointsika ankehitriny hoe fiainam-pikambanana.



## 2. Mba hamerina hasina ireo very

Nandritra ny fotoana fiofanany tao Rennes hita taratra ireo toetra fototra ny fitiavan'i Louis Marie an'ireo mahantra.

> « Ny tena fanoloran-tenany , izay nafeniny mafy, nanomboka hita tamin'ny alalan'ny asa fiantrana , ireo tena miavaka , manoloana mpianatra iray tena mahantra sy ratsy fitafy izay iharan'ny fanamavoana sy eson'ny hafa. Atoa Grignion, mba hanafiany azy, mandeha mangataka ho azy, ary tsy menatra mitalaho fiantrana amin'ireo namany mba hanome izay ilainy ity farany» . (Blain 8).

Teo am-panomezana ny fitafiany ho an'ny namany , Louis-Marie namerina hasina efa very. Fantatra hoe ahoana izany akanjo vaovao izany no singa tonga lafatra indrindra hanehoana ety ivelany, ny lamoady, izany hoe ny faneken'ny fiaraha-monina amin'ny lafiny rehetra ;nafeniny ny henatra ny tsy fitafiana na ny maha ambany saranga, fa namerina ny haja sy ny voninahitra, ary mampilaza ny toerany eo amin'ny fiaraha-monina, araky ny fanehoan-kevitra ananantsika. (cf. Jc 2, 2-4). Ny asa fiantrana hita taratra toy ny fanehoana ny fanoloran-tenany , ny fioharana eo amin'ny lafiny ara-panahy. Miseho eto ny mahatokana ny fihetsika iray sy fanehoan-kevitra izay tsarain'ny ho tafahoatra manoloana ny tranga tsy azo ekena iray : ny fahantrana izay miteraka fanamavoana sy fihomehezana. Louis-Marie voatosikin'ny tenany manokana (ex-stase d'excès) amin'ny fitiavana sady feno fihetsem-po sy mahomby manoloana ireo « rahalahiny ». Raisiny tanteraka ny fanalam-baraka ary tsy menatra izy mizara fahafaham-barakany. Izay fanehoana ny firahalahiana iraisana sy ny firaisan-kina miaraka amin'ny mahantra ; asa fiantrana izay tsy hoe fandraisana ny hafa toy ny tena ny tontolo maha olona ; tena lalin-paka tao amin'ny firohotana sy ny fahatongavana ho nofo. Toy an'i Jesoa Kristy Fahendrena , voakasika tao am-pon'i Montfort ny fahorian'ireo mahantra, henoiny ny taraina ary miantefana aminy ny tolokony latsaka tanteraka anaty ny fanesoan'ny hafa (cf AES 41). Tsy azony ekena hoe simba sy rava tanteraka ny Endrik'Andriamanitra na koa ho potika ny famendrehany. Ny Fitiavan'i Montfort ny hafa tena tafahoatra (cf Sg 7, 23 ; AES 45, 64), satria ny famendrehana tsy ho tafaverina amin'ny mahantra raha tsy mizara sy miaina ny fahafam-barakany. Tsy maintsy mahatsiaro ho voangeja vao afaka manafaka andevo : »Mba ho afaka ny ngeja antsika/Nanaiky ho fatorana Izy / Nentiny ny fahoriantsika / Mba anome antsika ny hafaliany sy ny fananany » (C 64, 5).



> «Ny asa fiantrana hita taratra toy ny fanehoana ny fanoloran-tenany, ny fioharana eo amin'ny lafiny ara-panahy».

Nilaza tamintsika koa i Louis-Marie fa tsy afaka manampy irery ireo mahantra : mangataka ny asa fiatrana tamin'ireo mpiara dia taminy izy ary mpanjaitra iray, rehefa nitondra mpianatra mahantra iray manoloana azy izy : «  Indro ny rahalahiko sy rahalahinao. Efa nangataka tao am-pianarana aho mba afahako manafy azy . Raha tsy ampy, ianao no manampy ny ambiny » (Blain 4). Ny fanampiana dia asa iraisana, ny fiatrana mitarika fiatrana. Ny fitiavana ny mahantra mitaky herim-po sy fandraisana andraikitra sy mba hihoatra ny tahotra antsika manoloana ny fandavana sy ny fijerin'ny hafa . Montfort lasa mpangataka mba hamalian'ny fangatahana ny mahantra : nozarainy ny fahantrany ary, tao anaty fahantrana, no namerenany ny famendrehan'ireo mahantra.Ny mahavariana , ny mpanan-karena rehefa manao fiatrana, lasa afa-baraka amin'ny manodidina azy. Eo no tokony ilazana hoe : «  na inona na inona ».

## 3. Rahalahy mpangataka ho an'ny mahantra

Ao anatin'ny fahantrany lalina, Louis Marie no nahita ireo haren-tsarobidy ho an'ny mahantra, na dia nanana lova betsaka aza izy. Notanterin'i Blain ihany koa , nandritra ny famelabelarn-kevitra nataony tao St-Sulpice, nangatahan'i Montfort ireo Pretra feno fiatrana tao amin'ny Fikambanany mba hanampy ny mahantra, indrindra ireo mpretra mahantra , sy tsy mba manana amby ampy (cf Blain 31). Izay rehetra noraisina mandalo amin'ny tananany fotsiny : Izy no mpanelanelana sy lakan-drano fahasoavana , omeny ny hafa izay noraisiny tamin'ny sasany. « Tsy misy ho azy , ny rehetra ho an'ny mahantra avokoa »Vola, fitafiana, tsy misy tafajanona eo am-pelatanany na fotoana na izay mety ho ilaina ho an'ireo tsy manana » (Blain 32) ; io fomba fiteny io mampatsiahy antsika Totus tuus ego sum, et omnia mea tua sunt, fanoloran-tena tanteraka amin'i Jesoa amin'ny alalan' i Maria . Tsy vitan'ny hoe nanome izay rehetra noraisiny izy, fa nomeny na izay tena nilainy aza, hatramin'ny famogorana izay nananany ho an'ny mahantra.

> « Ao anatin'ny fahantrany lalina, Louis Marie no nahita ireo haren-tsarobidy ho an'ny mahantra, na dia nanana lova betsaka aza izy»

Ny safidy ho an'ny mahantra tsy petra-kevitra ideolojika. Safidy avy ao am-po, fironana, fisarihana, izay tsy misy lalana hafa akoatry ny Fitiavana, araky Evanjely. Safidy nalain-tahaka tamin'i Jesoa Kristy : Evangelizare pauperibus misit me Dominus (Lk 4,18 noraisIN4I Montfort tao amin'ny fitsipi-pifehezana ho an'ny misionera n. 7)Safidy nitari-dalana hatrany ny apostolan'i Louis-Marie.

> « Ny ambiny , tsy mila miresaka amina sofina marefo izy, na handrindra teny, amin'ny fomba famaizana sy fihetsika voadinika, na mpihaino  manana fijery sy mpitsikera ; ny manentana azy, ny tadiaviny ary iankinan'ny fony , ireo mahantra hatrany sy ireo tsy misy mpiraharaha. Ny hafanan-mpony nanosika azy ho an'ireo fakon'olona , mihazakazaka izy aorinan'ireo tsy misy dikany, mpankataka ary ory. Ary rehefa voaangony ireo, nozarainy mofon'ny Tenin'Andriamanitra, mitandrina mba hamolavola ny tenany iray manontolo amin'ilay modely masina, Jesoa Kristy, izay tsy nanana mpianatra sy mpihaino afa tsy ireo mahantra sy sarambamben'olona» (Blain LVIII, 251-252).

Ity safidy ity tena tahaka ny mpamonjy izay tombon-kase manamarina ny lalan-piainana apostolika an'i Montfort, naman'ny mahantra.

> « Ny mahantra sy ny ory , nahita sitraka tao am-pony , no hita ihany hatrany amin'ny asany ;ary, izy ireo no lohalaharana amin'ny zotom-pony ,ireo fara hidiny indrindra sy ireo mahatsiravina indrindra no mahababo azy. Inona no tsy nolazainy hankaherzana azy ireo ? Inona no tsy nataony mba tsy hanampiany azy ireo ? Mhantra voalohany ary mahantra nohon'ireo, izy no nampianatra azy ireo tsy maintsy hitia toetra tiany amin'ny safidiny sy noho ny fiatrana. Izy no nampianatra azy ireo hijaly am-paharetana ,raha tsy manana hatsarana feno mba hijaly am-pifaliana. Ary ireo torolalana malefaka sy mankahery, no anampiany ny isaky ny fizarana ataony, fomba mahomby ampitainy ny reny ho ao am-pony. » (Blain LXVII, 288-289)..

Betsaka ny lisitry ny fandraisana an-tanana mba hanampiana ny mahantra : sakafo iombonana miankina amin'ny Fitantanan'Andriamanitra nandritra ny iraka natao, fananganana hopitaly na fanamboarana, fananganana sekolyho an'ny vahoaka … Tao amin'ny taratasy ny 1718 , nanoratra toy izao ny Jesoita Préfontaine :

> « Ireo mahantra indrindra ireo mponina any ambanivolo no tena tiany iasany akaiky. Any amin'ireo no lazainy matetika nanirahany azy , ny famonjena azy ireo no ninoany ho nanirahana azy. Ary koa, moa tsy manana talenta kanto izy hakana ny fony sy manome azy ny aingam-panahy ilainy. Ireo olona ireo koa tena mifamatotra aminy. Mijery azy toy ny olomasina, ary, rehefa mila amin'ny paroasy iray izy handeho ho an'ny toerana hafa , manaraka azy ny vahoaka , am-dranomaso , ary nino izy ireo fa ho very raha very izy. Mijery an'i Jesoa Kristy amin'ny masom-pinoana, amin'ireo olona mahantra, tsy azo sainina akory hatraiza ny fiatrana nananany amin'izy ireo. Tamin'ireo iraka nataony , betsaka ny vahoaka manaraka azy, ary na manao aona ny isany, ny fiatrany mahita omena azy hatrany mifanaraka amin'ny ilain'izy ireo. Vokisany izy ireo , ampiankanjoany. Ny fitiavany azy ireo sy ny fangorahany azy ireo hita taratra amin'ireo mifanerasera aminy ary manome aingan-panahy miaro fihetsem-po mifanaraka amin'ny fihetsem-pony. Ny ohatra omeny misarika ny olona rehetra, ary ny tsirairay manao izay mahafaly ary adidy amin'ny fandraisana anjara amin'ny asa famindram-po : ny hafa amin'ny fanomezan-pahasoavana, ny hafa kosa amin'ny asa ny tanany. Satria , Andriamatoa Montfort manana talenta manokana hanehoana amin'ny fotoana rehetra, amin'ny fomba rehetra, hanaovana soa ho an'ny mahantra , fiatrana hafa tokoa sy tena kristianina no ampiasainy. Raha manentana ny olona rehetra ho tia ny mahantra izy , izy no voalohany nanome ohatra. Tsy indray mandeha no nahitako azy nanantona andian'olona mahantra sy maloto, mahatsiravina indrindra , mandray azy ireo an-tanana , miaraka aminy , miara mipetraka aminy misakafo aminy , mandroso azy ireo ny sakafo tsara indrindra alohan'ny olona rehetra, ary rehefa vita ny sakafo, manoroka azy rehetra ny mitondra azy eny am-baravarana, miaraka amin'ny fiatrana miompampana. Toy izany no ataony isan'andro, ary isaky ny iraka ataony ka hitako, tany Nnates na ny manodidina. Mahantra amin'ny tenany, tsy mba mitondra n'inona n'inona izy afa tsy ny fiatrana izay omeny » (Grandet 446-448).

> « Les pauvres et les malheureux, qui ont toujours eu la préférence dans son cœur, l'ont aussi eue toujours dans ses travaux…».

## 4. 3. Sakamentan'i Jesoa Kristy

Tsy manavaka olona izy ao amin'ny apostalany (cf RM 7), Montfort no misionera nanao safidy manokana ny mahantra ary mahita ao amin'izy ireo ny fisian'i Jesoa Kristy, epifania izay tsy sokajiana ho fampitahana tsotra na fanehoana tsy misy heviny.

> « Nitondra faniriana masina ho an'ny mahantra sy ireo olona mijaly izy , mankalaza azy ireo ary manaja azy ireo toy ny sary velon'i Jesoa Kristy mifantsika.Indray andro , nahita azy, satroka ambany , mitondra lehilahy iray izay hitako ho tsy misy dikany hatreo am-baravarana, gaga aho nahita ny fanehoan-panajana nataony, nanontaniako izy hoa nahoana izy no manao izany amin'ny olona izay tsy mangataka an'izany : Ao amin'ny lakroa hoy izy namaly ahy ary mila hajaina sy omena lanja ireo rehetra manana hasambarana miraikitra aminy » Blain 52).

Mety ho gaga isika raha mahita an'i Montfort mialona ireo mahantra sy mijaly, fa koa chanoine Blain mihevitra ny mahantra ho « tsy misy dikany ». Ao amin'ireo « tsy misy dikany », Louis-Marie mahita an'i Jesoa izy tenany izay milaza ao amin'ny Baiboly « adino toy ny maty aho , toy ny zavatra izay ariana » (Ps 30, 13, « na manana endrika tsy misy hatsarana izay mahasarika maso, nilaozan'olona , olon'ny fijaliana, zatra fahoriana , mitovy amin'ilay nanafina ny endriny ; ary isika nanambany azy, tsy nanome lanja azy. » (cf Is 53, 2-3) , « noesoin'ny olona , nolavin'ny vahoaka » cf Ps 21, 7).

> «Isaky ny manao ireny zavatra ireny amin'ny madinika amin'iray amin'ireo madinika indrindra ianareo, amiko no anaovanareo azy » (Mt 25, 40).

Satroka eny an-tanana, miaraka amin'ny mahantra , milaza mihaotra nohon'ny kabary lava, satria ny fomba fiaina no maneho ny fanajana ny fisian'Andriamanitra ao amin'ity mahantra. Fihetsika manakorotana, izay mandinika ny fisian'ny iray manontolo ao amin'ny foana. «Isaky ny manao ireny zavatra ireny amin'ny madinika amin'iray amin'ireo madinika indrindra ianareo , amiko no anaovanareo azy » (Mt 25, 40). Ahoana no anadinoana eto ny tantara Dinan , tamin'izay Montfort nandona tamin'ny varavarana ireo misionera , mitondra mahantra eo an-tsorokany sady miantso mafy hoe : » Vohay varavarana i Jesoa Kristy ! » » (cf. Besnard 114) na tantara hafa izay nolazain'i  Blain 17-18 (c. VIII), an'i Louis Marie tamin'ny mbola kely mitady mahantra mpangataka, manasafo azy , miohaka eo an-tongony mba hanoroka azy…Ny olomasina, toy izany, feno zoto tafahoatra, avy ao am-po « mivaivaim-pitivana ho an'Andriamanitra izay tsy zaka » (Ibid.).



Hoy Blain manoratra:

> « Nisy fotoana izahay niaraka tany ambanivohitra , tany amin'ny namana iraisana ( Mopera Joseph de Saint-Méen) izay vao niditra tao amin'ny Fikambanana Capucins izay hita ho feno hatsaran-panahy. Tamin'izay no nahafantatrako akaiky an'i Atoa. Grignionary nanomboka teo nahampifanakaiky anay. Ny kabariny tsy misy afa tsy Andriamanitra sy momba an'Andriamanitra . Tsy miaina afa tsy zotom-po ho an'ny famonjena ny fanahy ; ary ny fony mirehitra fitiavana an'Andriamanitra , tsy mitady afa tsy hampitony ny fihetsen-pony ho an'ny fiatrana ny hafa. Saingy mitady ny elanelana izy mba hijanona ambony hatrany ary misintona ny masontsika mba amin'ny toerna mangina, hanoroka , hanafosafo ireo mahantra mpangataka, tsy manan-tsiny, very hevitra ary afa-baraka tamin'ny natiora. Miantoraka eo an-tongotry zareo izy hanoroka azy, rehefa hitany fa tsy hitan'ny mason'olona izy ; saingy tsy afaka manafina izy rehefa tratrako mitondra ireo mpivavaka feno fiatrana »

Ao anatin'ny fahafenoana no , anatin'ny fahalementsika , no ankafizantsika mihoatra ny fakantsika tahaka azy , no miafina ny tsiambaratelon'ny finoana lalina.

> « Tamin'ny alalan'ny Finoana no nitiavany ireo mahantra izay ahitany an'i Jesoa Kristy. Amin'ny alalan'ny Finoana no nitiavany ny fahantrana, noho ny harena rehetra eto an-tany. Amin'ny alalan'ny finoana no nankafizany nitondra ny hazofijaliana ilay zanak'Andriamanitra, iaritra fanenjehana , fanaratsiana ary fanalan-baraka. » (Grandet V.I, p. 284-285). ■




**Toriteny**

# Eokaristia

## Toriteny farany nataon'i Mompera Olivier Maire
## Ny 8 Aogositra 2021 tao Saint-Laurent-sur-Sèvre

*Vavolombelon'ny asa fiantrana i Mompera Olivier Maire, 61 taona, izay maty nisy namono ny 9 Aogositra 2021 tao Saint-Laurent-sur-Sèvre, nampihatra ny fiainam-panahin'i Masindahy Louis-Marie Grignion de Montfort izay notoriany tamin'ireo laretirety maro sy kaonferansy manerana an'izao tontolo izao : fanajana lalina an'i Maria Virjiny, fitiavana ny Fahendrena, fitoriana ny Vaovao Mahafaly tamin'ireo toerana malaza sy ambanivohitra, fanompoana ny mahantra. Misionera Montfortana nanomboka ny taona 1986, Pretra nanomboka ny taona 1990, mpanentana tamin'ny tontolo ambanivohitra, mpiara-miasa tany Haïti, mpanofana ireo Novisy tany Ouganda…Voafidy ho Lehibem-pikambanana tao France nanomboka ny taona 2011, mpitendry zava-maneno, tsotra mandrakariva ary azo ifandraisana.*





**Par le P. Olivier Maire, SMM**

Ny vakiteny voalohany, nalaina tao amin'ny boky voalohan'ny Mpanjaka : tantaran'i Elie Mpaminany, manome fanazavana vaovao momba ny misterin'ny Eokaristia.

Nandositra ny hatezeran'ny mpanjakavavy Zezabela i Elia dia nandeha nianatsimo tany amin'ny tendrombohitr'i Horeba. Rehefa afaka andro iray teny an-dàlana dia nijanona niala sasatra tao ambany kirihitr'ala iray izy. Rano iray siny sy mofo nendasina tamin'ny vato.

Zavatra azontsika kasihina, azontsika jerena, izay misy zavatra tena hitantsika, mofo izay azontsika tena hanina ary io mofo io dia sakafo ho antsika, tsy ho an'i Elia Mpaminany irery ihany fa ho antsika ihany koa.

Ny Eokaristia no mofon'ny fanjakana. Tsy hanana Eokaristia intsony isika any am-paradisa, marina ary tena ilaina ho fantatra izany. Any am-paradisa dia tsy hisy Eokaristia intsony. Ny Eokaristia, io no sakafo omen'Andriamanitra antsika ho amin'ny diantsika ety amin'ity tontolo ity.

Sakafo tena izy io, ny vatana aman-dràn'I Kristy izay eo hatrany ho fahatsiarovana ny diantsika anio, ho an'ny eto sy ny ankehitriny. Hafatra voalohany atolotry ny vakiteny ho antsika anio ny momban'ny misterin'ny Eokaristia dia ny mofo eny an-dàlana, ny mofon'ny fivahinianana masina ety an-tany.

Ary ato amin'ny Evanjely Jesoa dia manohy an'ity toriteny lava izay natolony tao amin'ny sinagôga tao Kafarnaoma ity. Ary rehefa niteny izy tamin'ny toriteniny, "Izaho no mofo nidina avy an-danitra", dia nanomboka nitaraina Taminy izy ireo, nimonomonona Taminy, hoy ny lahatsoratra ara-bakiteny. Fomba fiteny izay mitondra antsika mivantana amin'ny bokin'ny Eksaody, izay nampimonomonona ny vahoaka Hebrio, nitaraina tamin'i Moizy sy Arôna ary tamin'Andriamanitra satria tsy nanan-kohanina izy ireo.



> *«Ny Eokaristia, io no sakafo omen'Andriamanitra antsika ho amin'ny diantsika ety amin'ity tontolo ity»*

Ary Jesoa niteny: « eny, Izaho no tena Mofo nidina avy any an-danitra » ary ny monomonon'ny olona tao Kafarnaôma dia hifantoka amin'ny zavatra manandanja. Hoy izy ireo: "fantatray ny rainy, fantatray i Josefa. Zanak'i Josefa Izy ary fantatray ihany koa ny rainy". Koa satria toriteny no omen'i Jesoa ary entin'i Joany amintsika ihany koa dia mila mitandrina tsara amin'ny antsipirihany. Lahatsoratra avy amin'i Jesoa izy ity, fampianarana avy amin'i Jesoa, mitondra ny teny tsirairay. Izao no nolazain'ny olona tao Kafarnaôma: "tsy i Jesoa zanak'i Josefa va io? Fantatsika ny rainy sy ny reniny". Tsy hitanareo hoe somary mahaliana ve ity fehezanteny ity? Afaka nilaza izy ireo hoe: "eny, tsy ity ve ny zanak'i Josefa sy Maria – tapitra-?". Fa nosoratany hoe: "Tsy i Jesoa zanak'I Josefa izay fantatsika ny rainy sy ny reniny ve ity?". Misy fiatoana kely ao amin'ny lahatsoratra. Fantatrareo fa miseho amin'ny endrika milamina ny lahatsoratry ny Tenin'Andriamanitra fa raha ny marina, izy io dia feno fanamaivanana, ny lahatsoratra ao amin'ny Baiboly dia manamaivana antsika.

Jesoa zanak'i Josefa, izay no fantatry ny olona, izay no fantatsika rehetra eto. Jesoa, Izy dia zanak'i Josefa mpandrafitra. Saingy hoy ireto olona tao Kafarnaôma ireto hoe: "fantatsika ny rainy sy ny reniny". Tsia, fantany fa Jesoa dia zanak'i Josefa, tsia nefa, tsy fantatr'izy ireo na ny rainy na ny reniny. Mahafantatra zavatra maro momba an'i Jesoa izy ireo kanefa ny misterin'i Jesoa amin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy na izy ireo aza tsy nahalala an'izany. Nihevitra izy ireo fa nahalala hoe iza marina no ray sy renin'i Jesoa. Mino amin'ny famantarana hoe iza marina no tena ray sy renin'i Jesoa. Fa ny amin'i Jesoa dia fantatr'izy ireo fa Izy dia zanak'i Josefa fotsiny ihany. Ny misterin'ny maha-Andriamanitra fa i Jesoa dia Zanak'Andriamanitra, io dia tsy fantatr'izy ireo. Ary amin'ny tsy fahafantarana fa i Jesoa dia Zanak'Andriamanitra, dia tsy azon'izy ireo ity fehezantenin'i Jesoa ity: "Izaho no mofo izay nidina avy any an-danitra". Ho azy ireo, Jesoa dia teto an-tany ihany, avy amin'ity lehilahy atao hoe: Josefa.

Tsy fantatr'izy ireo ny misterin'ny Zanaka: Izy no Zanak'Andriamanitra, tena nidina avy any an-danitra. Ary amin'ity lahatsoratra ity dia milaza amintsika Masindahy Joany hoe: **"mba hahatakarana ny misterin'ny Eokaristia, fantaro aloha: iza ny Zanaka. Ny misterin'i tenan'i Jesoa Zanaka dia mifandray amin'ny misterin'ny Eokaristia.** Ny misterin'ny Eokaristia dia mifamatotra amin'ny misterin'ny Zanaka. Ny iray amin'ireo Teolojianina voalohany ao amin'ny Fiangonana, Masindahy Irénée avy any Lyon dia nilaza toy izao: "raha tsy tena teraka tonga nofo, nofo toy ny nofontsika i Jesoa Kristy, dia ny mofo izay zaraintsika, tsy tena vatan'i Kristy ny Vatany, ary raha tsy tena vatan'i Kristy no mampiombona antsika, tsy voavonjy isika, very isika. Raha toa ka ny vatan'i Kristy dia vatan'ny olona iray izay tsy manana ny nofon'ny nofontsika sy ny taolana nisy ny taolantsika, dia io vatan'i Kristy izay zaraintsika eto an-tany io dia tsy inona fa mofo fotsiny ihany ary raha mofo fotsiny ihany dia tsy voavonjy isika. Ary raha mofo ihany dia tsy misy intsony ny fitsanganan'ny nofo.

Raha ny nofo no tsy niova tamin'ity mofo izay tena vatan'i Kristy ity, raha tsy tena vatana i Jesoa Kristy, noho izany dia mofo fotsiny ihany no ifampizarantsika, tsy vatan'i Kristy intsony. Ary raha io mofo io no tsy vatan'i Kristy dia tsy hahazo ny fiainana mandrakizay mihitsy isika amin'ny fiombonana amin'ity mofo ity. Ary izay rehetra lazain'i Jesoa, izay rehetra nolazain'i Jesoa tao amin'ny Sinagôga ao Kafarnaôma, ireo rehetra ireo dia zava-poana daholo.

Tsia nefa, Jesoa Kristy dia tena Zanak'i Maria Virjiny, tena Zanak'Andriamanitra Marina. Satria tena Andriamanitra Marina sy tena olombelona Izy, ny mofo izay zaraintsika dia tena Vatany marina ary ny Vatany dia manome antsika ny fiainana mandrakizay.

**Mifamatotra ny misterin'ny Zanaka sy ny misterin'ny Eokaristia. Ny fandavana ny iray dia midika ho fandavana ny iray ihany koa.** Raha mofo fotsiny ihany ny mofon'ny Eokaristia dia tsy afaka milaza aho fa ny hafaliantsika dia avy amin'ny maha-Andriamanitra ny Zanaka.

Ary Jesoa niezaka nanazava tamin'ireo nihaino azy ny misterin'ny maha-Zanak'Andriamanitra Azy : ny Ray izay tsy mbola nisy nahita na oviana na oviana. Andriamanitra dia mbola tsy nisy nahita Azy afa-tsy ny Zanaka irery ihany izay mahita ny endriky ny Ray hatrizay ka ho mandrakizay. Ary io Zanaka io dia i Jesoa Kristy no lazain'i Masindahy Joany amintsika fa ho avy hanambara ny Ray. Ary tsy misy mandray ny fampianarany raha tsy manatona Ahy izy. Manatona ny Zanaka dia midika fa mandray ny fampianaran'ny Ray, mandray ny Tenin'Andriamanitra Ray.



Ary tena zava-dehibe izay lazain'i Jesoa dia ny misterin'ny Eokaristia, ny misterin'i Kristy izay tsy mijanona ho ao amin'i Kristy irery ihany. Mitarika antsika ho amin'i Ray i Kristy. Ny mankao amin'i Kristy dia ny mihaino io teny tonga amintsika izay avy amin'ny Ray io. Tahaka ny misterin'ny Eokaristia izay mitarika antsika mandrakariva ho ao amin'ny Ray.

Tsy haiko raha mahatsikaritra ianareo fa ny ankabeazan'ny vavaka rehetra mandritra ny lamesa dia miantefa amin'ny Ray avokoa amin'ny alalan'ny Zanaka ao amin'ny Fanahy Masina. Mitarika antsika ho ao amin'ny Ray i Kristy. Ny vavaka lehibe ataon'ny Fiangonana, ny vavaka lehibe amin'ny Eokaristia dia mitarika antsika ihany koa amin'ny alalan'i Kristy mankany amin'ny Ray. Ny vavaka eokaristika rehetra dia miantefa amin'Andriamanitra daholo. Io no hetsika lehibe mandritra ny litorjia, araka izay lazain'i Jesoa hoe: « Izay manatona Ahy dia mandray ny fampianaran'ny Ray, mandray ny tenin'ny Ray ».

Mitarika antsika mandrakariva ho ao amin'ny Rainy i Jesoa. Kanefa ny fankanesana ao amin'i Jesoa dia tsy midika velively ho vokatry ny ataontsika. Na fantatsika na tsy fantatsika, raha mankao amin'i Jesoa isika dia satria nitaona antsika hanatona Azy ny Ray. Raha eo ianareo ho amin'i Jesoa, raha tonga ianareo ny hariva dia satria nitaona anareo ny Ray ka amin'ny alalan'ny Zanaka no ahafahanareo manatona Azy ary hanakaiky anareo Izy.

Mistery iray ihany koa izy ity : maninona no misy olona mino ary misy ny hafa tsy mino ? Maninona ireo izay vita Batemy, misy ny miaina izany ary ny hafa tsy miaina? Maninona ny sasany miaina ny Eokaristia ho toy ny zavatra miavaka ary maninona ny sasany no mandray anjara amin'ny Eokaristia amin'izao fotsiny, tsy misy hoe izao na izao…, dia toy izany?
Io no mistery amin'ity Andriamanitra ity. Misarika Andriamanitra. Ny sasany no voasarika, ny hafa tsy voasarika. Izany nefa tsy midika hoe voailika izay tsy voasarika fa fomba fanaon'Andriamanitra izany.

Andriamanitra raha nanomboka nanao ny fanekempihavanana tamin'ny olombelona, tsy ny olombelona rehetra no nofidiany fa nifidy olona iray Izy, olona iray manokana. Nanokatra io antso io ho amin'ny firenena rehetra i Kristy saingy tsy ny firenena rehetra manontolo fa safidy kely vitsivitsy – Père de Montfort ihany koa niantso tahaka io… ? – safidy kely vitsivitsy avy amin'ny firenena rehetra. Voasarika izy ireo. Tsy hoe voailika ny hafa fa ity mistery ity dia mitazona ny fahaizamanaon'Andriamanitra, io no misterin'ny fifidianana.

Miteny amintsika ny Soratra Masina, zahao, tahaka ny vokatra na ny fijinjana, tsy maintsy hatolotsika ny voaloham-bokatra. Tsy atolotsika an'Andriamanitra avokoa ny vokatra rehetra. Raha toa ka atolotsika an'Andriamanitra avokoa, inona indray no hijanona hohanintsika. Fa atolotsika ny sasany amin'ny vokatra mba ho fanamasinana ny vokatra rehetra. Dia toraka izay koa ny ataon'Andriamanitra amin'ny olombelona. Misarika ny sasany Izy mba hanamasinana ny olombelona rehetra. « Tsy misy olona manatona Ahy raha tsy ny Ray no misarika azy ireo ».

Ary avy eo dia notohizan'i Jesoa ny toriteniny: « Izaho no mofo velona nidina avy any an-danitra. Raha misy mihinana ity mofo ity dia ho velona mandrakizay izy. Ny mofo izay homeko anareo dia ny ny Nofoko, atolotro ho amin'ny fiainan'izao tontolo izao. Ara-bakiteny, ny mofo izay omeko anareo dia ny nofoko ho amin'ny fiainan'izao tontolo izao. Ny mofo izay omeko dia ny nofon'ny Zanaka izay ho fiainan'izao tontolo izao. Mitovy amin'izay ihany io fa avahan'i Jesoa roa miavaka tsara ny zava-misy mba ho fanampiany antsika hahatakatra ity misterin'ny Eokaristia ity. Ny Eokaristia dia io mofo izay zaraintsika io, ny hostia izay tena omena antsika. Rehefa mandray ny hostia isika dia antsika izy. Taloha, tany amin'ny sekoly ambaratonga fototra dia lazaintsika fa: ny manome dia manome, ny mamerina maka indray dia mangalatra. Fa ho an'Andriamanitra, rehefa manome ny Tenany i Jesoa dia tena manome.

Ny Eokaristia dia ny mofo avy any an-danitra izay omen'Andriamanitra antsika, omeny antsika ity sakafo ity. Ary nomena tokoa ka rehefa mihinana azy isika dia levona izy ary manjavona. Ny fanomezana izay avy amin'Andriamanitra dia tena fanomezana tokoa ary ny hevitry ny Eokaristia dia maneho izany amin'ny fomba tena miavaka.


Na ny Eokaristia aza, rehefa natolotra dia afaka raisintsika ary azo ampiasaina amin'izay ilaintsika azy. Misy ny olona izay mandray ny Eokaristia dia mampiasa izany amin'ny karazana herin'ny maizina na ody ratsy sy manimbazimba azy satria ao Jesoa. Ary raha misy manimbazimba ny hostia dia tsy hiala amin'io hostia io Jesoa satria efa nanome ny Tenany Izy ary rehefa nanome ny Tenany Izy dia tsy hiverenany horaisina indray. Noho izany, ny finoana mafy orina ato amin'ny Fiangonana Katolika dia ny fiandrasan'i Jesoa mandrakariva ao amin'ny Eokaristia. Vantany vao voahasina ny mofo dia masina izy. Satria rehefa manome ny Tenany Andriamanitra dia manome ny Tenany amin'ny zava-misy rehetra Izy. Tsy hiverenany horaisina indray. Ny fanomezan'Andriamanitra izay be dia be dia tsy miverina Aminy.

Ary avy eo dia hoy izy: « Nofoko ity izay ho fiainan'izao tontolo izao ». Ary amin'ny mofo izay nomeny antsika ary ampiasaintsika amin'izay tiantsika dia raisintsika ho voninahitr'Andriamanitra bebe kokoa amim-pahamasinana, fa ny vatan'i Kristy mitoetra. Ary ity vatan'i Kristy ity, ny Nofony dia zavatra iray izay lazain'i Jesoa fa ho fiainan'izao tontolo izao. Tsy velona ho an'ny Tenany i Jesoa. Velona i Jesoa Kristy mba hananantsika ny fiainana. Fanomezana ho antsika ny fiainan'i Jesoa manontolo. Ny fiainany dia tsy ho azy; Maty teo amin'ny Hazofijaliana Izy mba

hanome antsika ny fiainana. Ny mofo izay omeko anareo dia ny nofoko izay ho fiainan'izao tontolo izao. Jesoa, Izy no fiainantsika. Tsy ho an'ny Rainy Izy fa ho antsika. Teraka sy maty ho antsika Izy. Ary ny Eokaristia dia ho antsika; Ny nofony izay ho fiainan'izao tontolo izao, io no mofo izay omeny.

Saingy misy zavatra iray izay tsy voalaza amin'ny antsipirihany ary ampahatsiahivin'i Masindahy Paoly antsika. Ankoatra izay, ao amin'ny Soratra Masina dia milaza hoe: « rehefa asaina hisakafo ianao dia jereo tsara izay atao, izay aroso anao eo amin'ny latabatra satria indray andro any dia tsy maintsy hanome sakafo mitovy amin'io ianao ». Mihatra amin'ny latabatra Eokaristika izany. **Nanasa antsika i Kristy amin'ity sakafo Eokaristika ity izay itarihan'ny Ray antsika. Noho izany dia mila mijery tsara izay aroso eo an-databatra isika satria rahefa miombona isika, dia manome toky fa hamerina toy izany koa.** Satria eto amin'ity latabatra andraisantsika ny vatan'i Kristy ity no anomezany antsika ny fiainana, ny nofo, ny vatana ho amin'ny fiainan'izao tontolo izao, ary tsy maintsy manao toy izany koa isika.


Io no lazain'i Masindahy Paoly ao amin'ny famaranana ny vakiteny faharoa. Miezaha manahaka an'Andriamanitra satria zanany malalany ianareo. Iaino ny fitiavana toy ny nitiavan'i Kristy anareo. Nanolotra ny tenany ho anareo izy – io no sakafo atolony ho antsika izay omeny antsika – amin'ny fanolorany ny Tenany ho sorona ho an'Andriamanitra, ho hanitra ankasitrahana. Amin'ny alalan'ny fiombonana eo amin'ny hotely, miombona isika dia mandray ny vatan'Ilay nanolotra ny Tenany manontolo ho antsika, ka ny fiainana dia tsy ho an'ny Tenany fa ho antsika; Amin'ny fandraisana ny vatany dia manolo-tena hanao toy izany koa isika, ka ny fiainantsika ihany koa dia hatolotra ho an'i Kristy mba ho fiainan'izao tontolo izao amin'ny ambaratonga misy antsika sy amintsika samy isika. Saingy tsy maintsy manome sakafo mitovy amin'io isika, tsy maintsy mandroso sahala amin'io???. Amin'ny fiombonana amin'ny vatan'i Kristy dia omeny antsika ny Tenany. Isika koa tokony hanolotra ny tenantsika ho an'i Kristy. Io ilay antsoin'i Masindahy Louis Marie de Montfort hoe fanokanan-tena satria nanolotra ny Tenany ho antsika i Jesoa dia tsy maintsy manolotra ny tenantsika ho Azy isika mba hahatonga antsika ho vatan'i Kristy. Amen. ■



**Fanokanan-tena**

# Fiomanana ho amin'ny Fanokanan-tena any Biélorussie

Avy amin'i Nathalie DOROCHKEVITCH




**MINSK, Biélorussie** - Nanomboka tamin'ny volana novambra 2020 dia nikarakara ny andiany faha efatra tamin'ny fiomanana ho amin'ny Fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria ny tenako sy i Daria, avy eto Biélorussie. Amin'ny alàlan'ny fampiasana ny fanazarana Viber amin'ny aterineto no nanaovanay izany. Tsy noho ny valan'aretina COVID-19 no antony fa ity fomba ity dia ahafahana mamory mpandray anjara maro kokoa avy amin'ny toerana samihafa eto amin'ny firenena. Tsy manam-pahefana ara-bola loatra mantsy izahay ny hanontàna ilay boky kely mirakitra ny fiomanana mandritra ny 33 andro sy ny hanomezana azy ny olona. Ka izany no nanokafako ilay tranokala https://33-dni.blogspot.com izay nizarako ireo fandinihan-tena atao isan'andro. Daria kosa mamory ireo mpandray anjara ao amin'ny Viber. Atolony ao isan'andro ny torolàlana arahan'izay fandinihana mifanaraka amin'ny andron'ny fiomanana.

Nisy 210 mianadahy no nahavita ny fiomanana tamin'ny 15 aogositra ka nanao ny Fanokanan-tenany. Taorian'izany dia nanontanian'i Daria ny fomba niainany izany fotoana izany ireo mpandray anjara ka nazahoanay ireto fifampizarana manaraka ireto. Velom-bolo tokoa i Daria satria hinoany fa hanova ny endrik'izao tontolo izao ny fanaovana ny fanokanan-tena.

«Mahatsapa isan'andro aho fa miha manatona ilay andro lehibe hahatsapako ny maha zanak'Andriamanitra ahy. Tsy mbola niaina fiombonana manokana amin'Andriamanitra sy amin'i Jesoa ary amin'i Maria toy izany aho. Manolotra fisaorana lehibe ho an'ireo rehetra nanampy hiroso amin'ity làlana ity aho noho ny andrana sy fandalinana ny finoana niainako : an'ireo mpandikan-teny sy ireo mpikarakara, an'ireo rehetra nanotrona ity fotoan-dehibe ity. Handrotsaka ny fahasoavany amin'ny rehetra anie Andriamanitra ! Misaotra anareo amin'ny foko manontolo aho !» **Tatsiana**

«Nahavita ny Fanokanan-tena ihany aho ! Nahatsapa aho fa tena nanan-kery tokoa ny tso-drano nomen'ny pretra ! Dia inoako fa noho izany tso-drano izany no nahafahako nanatontosa tsara ny fiomanana hatramin'ny farany. Amin'ny ankapobeny dia nizotra tsara ny zava-drehetra fa telo andro nialoha ny fanokanan-tena dia nanomboka ny fanafihana ara-panahy nataon'ny fanahy ratsy. Tsy nanan-tahotra anefa aho ary nitodika tany amin'i Jesoa sy Maria. Taorian'ny nandraisana ny Komonio omaly dia nahatsapa aho fa nalain'i Jesoa sy Maria avokoa ireo tahotra sy ahiahy tato anatiko, ny fanohanany ary ankehitriny dia tsy misy zavatra atahorako satria miaraka amiko izy Mianaka. Hery lehibe tokoa ny hoe mpanompon'i Jesoa sy Maria. Isaorako ampitiavana ireo rehetra nikarakara ny fiomanana sy ny fandikana ny boky Ny tena Fitiavana sy fanajana an'i Masina Maria» **Volha**

« Ity fiomanana ity dia nanampy ahy ho tony tao anatin'ny fotoana tena sarotra. Fantatro ankehitriny ny làlana hombàko mba hirosoako. Mankasitraka ! » **Guénadzi**

« Manolotra fisaorana lehibe ho an'i Daria sy ireo mpikarakara ity fiomanana ity aho!!! Fanindroany amin'izao no iarahako aminareo. Dia mbola tsapako hatrany ny halehiben'ny fitiavan'Andriamanitra sy Maria Virjiny ary ny famindram-pony amiko sy amin'ny fianakaviako. Ho tahian'Andriamanitra anie ianareo ! » **Vanda**

« Misaotra anao aho Daria tamin'ny fikarakarana ity fiomanana ho amin'ny Fanokanan-tena ity. Fanindroany amin'izao aho no miaraka aminareo. Ahatsapako zava-manan-danja ao anatiny ary hitako fa manampy ahy tokoa ilay Renin'Andriamanitra. Mandritra ireo fetin'i Masina Maria Virjiny indrindra no iainako izany ary manam-paniriana lehibe aho hiventy ny sapile. Manana ny lanjany tokoa izany ho ahy. Ho tahian'Andriamanitra anie ianareo ary ny Renin'Andriamanitra anie hiaro anareo. » **Raïça**

« Fisaorana lehibe noho ny fahafahana mahazo ity fiomanana ity. Nanampy ahy tamin'ny fanamafisana sy ny fandalinana ny finoako izany ; ho amin'ny fitomboana ara-panahy. » **Natalia**

« Tena mampamokatra tokoa ireny fiomanana ireny. Mankasitraka an'i Daria aho. » **Ianina**

« Fisaorana lehibe tamin'ity fiomanana ity ; mankasitraka indrindra .» **Irina**

« Daria, misaotra indrindra. Nandray fanampiana ara-panahy lehibe tokoa aho. Miandry ireo fandinihan-tena zaraina isan'andro aho ary amin'ny foko tokoa no hivavahako isaky ny maharay izany. Nandrehitra labozia aho androany sy nividy raozy fotsy ka napetrako teo amin'ny sary vongan'ny Virjiny Masina izany ary rehefa nahazo alàlana tamin'ny pretra dia novakiako teo ilay Fanokanan-tena amin'i Jesoa-Kristy amin'ny alàlan'ny tànan'i Maria. Dia mbola mamerina fisaorana lehibe anao aho. Andriamanitra tsara fo anie homba anareo. » **Valentina**

« Zava-dehibe ny nanaovana ity fiomanana ity ho ahy. Toy ny nijery ny tenako avy eo anoloako aho. Nahafantatra ny marina momba ny tenako aho tamin'ny alàlan'ny fanampian'ny Fanahy Masina. Midera manokana ireo olona mametra-pitokisana an-jambany amin'i Jesoa-Kristy sy ny Reniny aho. Ny tenako manokana dia afaka milaza fa toy ny nataon'ny reniny amin-janany tiany fatratra izay mamindra voalohany ny fihetsika nataon'ny Renin'Andriamanitra tamiko koa. Misaotra an'i Maria aho noho ny fanohanany sy ny fahendreny ary ny fanehoany fa tena Reny Marina izy. » **Hanna**

« Misaotra anareo noho ny fanirianareo hanampy ny hafa. Tsy nahatsapa zavatra manokana aho fa kosa mbola manantena hatrany satria ny fitiavan'Andriamanitra dia mahery noho ireo sakana sy fahotana rehetra. » **Irena**

« La plus parfaite et la plus utile de toutes les dévotions à la Sainte Vierge, c'est de se consacrer tout à elle et tout à Jésus par elle en qualité d'esclave, lui faisant une consécration entière et éternelle de son corps, de son âme, de ses biens tant intérieurs qu'extérieurs, des satisfactions et des mérites de ses bonnes actions, et du droit qu'on a d'en disposer, enfin, de tous les biens qu'on a reçus par le passé, qu'on possède à présent et qu'on possédera à l'avenir » (ASE 219)

**Misiôna**

# Ny Freran'ny Saint Gabriel any Burundi

## Ny hoavin'ny fianakaviambe Montfortana
## Any Bujumbura, Burundi

**Avy amin'i Arnaud KWIZERIMANA**



**BUJUMBURA, Burundi** - Amin'izao fotoana izao dia mamita ny fanorenana toeram-pianarana iray ao amin'ny faritra manodidinan'i Bujumbura, any Burundi, ireo Freran'ny Saint Gabriel. Ireo trano avo rehetra ireo dia noheritreretina handray mpianatra ambaratonga samihafa alohan'ny oniversite.

Frera Marius no nivantanan'ireto Freran'ny Saint Gabriel ireto tato amin'ny tanàna sy nanaraka akaiky ny fivoaran-javatra. Ny ankohonam-piainan'ireo « Militantes de la Sainte Vierge » (MSV) ao Bujumbura kosa no nandray azy. Miasa eny an-toerana isan'andro izy arahan'ny fanohanana ara-tsaina sy ara-panahy avy amin'ireo « Militantes ».

Amin'izao fotoana izao dia manaraka ny fizotran'ireo dingana natao momba ny fahazoan-dàlana avy amin'ny governemanta mba ahafahan'ny sekoly misokatra i Frera Marius. Antenaina tokoa mantsy ny hanombohan'ny sekoly handray mpianatra amin'ny fidirana volana septambra 2021. Hisy komitim-panjakana ho tonga hitsidika ny toerana mba hijery ny fahatomombàny mialohan'ny hanomezany ilay fahazoan-dàlana.

Na dia efa madiva ho vita moa ny asa fanorenana lehibe dia fantatra fa mbola maro ireo zavatra tokony hapetraka izay afaka tanterahina miandàlana eny. Ho hadihadiana ihany koa ny ireo mpampianatra sy mpianatra ho ao amin'ny sekoly. Ary manantena izahay fa tsy hisy sakana ny amin'ny fanomezan'ny governemanta ireo fahazoan-dàlana ilaina. Fandraisana anjara lehibe amin'ny hoavin'ny firenena ihany koa no hataon'ireto frera ireto amin'ny alàlan'ny fijerevana akaiky ny fanabeazana ny taranaka mifandimby.

Amin'izao fotoana izao dia mampiasa efitra kely iray ao amin'io trano io i frera Marius sy ny frera mirahalahy namany ka mivondrona ho ankohonam-piainana iray. Mazava ho azy fa tsy maharitra izany fa natao mandram-pazahoan'izy ireo trano iray mahaleo- tena izay haorina ivelan'ity toeram-pianarana ity.

**Antenaina ary fa ity ankohonam-piainana miantsehatra amin'ny fanabeazana, izay eo an-dàlam-pahaterahana ity, dia afaka hiroborobo tsara sy hahatanteraka ny fijery lavitra sy ny misiôna ara-panabeazana eo amin'ny montfortana sy ny freran'ny Saint Gabriel, izay ankasitrahan'ireo olona kely fahafahana eo amin'ny fiaraha-monina. ■**



**Fanazavana ara-baiboly**

# «Mahafoy ny ainy ho takalo-panavotana»


## 17 OKTÔBRA 2021

## Alahady faha 29 mandavantaona – Taona B

**Avy amin'i Pierrette MAIGNÉ**

**Evanjely Masina nosoratan'i Md Marka (Mk 10, 42-45)**

*Tamin'izany*
*andro izany i Jesoa niantso ny roa ambin'ny folo lahy ka nilaza hoe :*
*« Fantatrareo fa amin'ny fanjakan'izao tontolo izao, dia ny mpifehy no mitsangana ho tompo mandidy, ary ny lehibe no miseho ho mpifehy manam-pahefana.*
*Fa aminareo kosa tsy mba tahaka izany ; fa izay te ho lehibe indrindra no aoka ho mpanompo anareo,*
*ary izay te ho ambony indrindra eo aminareo no aoka ho mpanomponareo rehetra.*
*Fa ny Zanak'olona tsy mba tonga ho tompoina, fa mba hanompo ary hahafoy ny ainy ho fanavotana ny maro. »*



Fanintelony anio no nanambaràn'i Jesoa ny Fijaliany. Isaky ny misy filazana momba ny Fijalian'i Jesoa dia soritan'i Marka hatrany ny tsy fazahoan'ireo mpianatra izany.
Toherin'i Piera izany ary tsy ekeny ilay zavatra hitranga nambaran'i Jesoa.
Mifandinika ireo mpianatra mba ahalalàna izay lehibe indrindra.
Ary eo ilay fanontaniana tsy nampoizina napetrak'ireo zanak'i Zebede.

Manambara aminy ny ainy izay afoiny i Jesoa fa ny azy kosa ny hoaviny no heveriny sy fangatahana izay tiany, ny fahefana : ny hipetraka eo ankavanany sy eo ankaviany any amin'ny voninahiny. Tsapantsika eto angamba ilay elanelana misy eo amin'ny fomba fiheverana !

Moa ve mahazo ilay fanambaràna sy ilay tian'i Jesoa ho fantany momba ny fanekeny iaina izany izy ireo? tsia ; izay no mahatonga an'i Jesoa hamaly azy hoe : « tsy fantatrareo izay angatahinareo. »
Nolazain'i Jesoa ilay **« kapoaka »** hosotroiny. Ao amin'ny Testamenta Taloha dia voaresaka matetika ny « kalisy ». Izany dia simbolin'ny fiombonana amin'Andriamanitra.

Voalaza ao ihany koa ny momba ilay kalisim-panavotana : mandritra ireo sorom-pifonana dia angonina anatin'ny kalisy ny ràn'ireo voakasik'izany ary araraka eo ambonin'ny ôtely sy eny amin'ny mpino. Amin'izay dia nohavaozina indray ilay Fanekem-pihavanana amin'Andriamanitra izay ravan'ny fahotana sy ny fivadihan'ny vahoakany. Izany fomba izany dia tandindon'ilay soron'i Kristy sahady sy ilay Fanekem-pihavanana mandrakizay amin'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny Ràn'i Kristy : « ity kalisy ity no ilay Fanekem-pihavanana Vaovao aorin'Andriamanitra amin'ny ràko izay alatsaka ho anareo. » (Lk 22,20)

Ampiasain'ireo mpaminany matetika ny endrika asehon'ny kalisy izay manambara ny làlana voasoratra ho an'ny olombelona. Rehefa avy nilaza momba ny kapoaka hosotroiny i Jesoa dia niresaka momba ny **batemy** izay hirosoany : ny firobohana ao anaty rano dia midîka firobohana ao amin'ny fahafatesana ; nanomboka teo amin'ny nitsanganan'i Kristy tamin'ny maty, izany firobohana ao amin'ny fahafatesana izany dia milaza fahaterahana ho amin'ny fiainam-baovao koa. Maty amin'ny fahotana mba ho teraka indray hiaraka amin'i Kristy isika amin'ny alàlan'ny batemy.



Hiaina izay nahazo an'i Jesoa ihany koa ireo apôstôly satria ho faty martiry avokoa.

Naniry ipetraka eo ankavanan'i Jesoa ireo mpirahalahy : toerana manam-pahefana. Miantso azy ireo handà izany toerana izy satria tsy araka ny fomban'olombelona no anjakan'Andriamanitra, izay tsy mpangeja fa mpanafaka sy mpanamaivana. Mamboraka amin'izy ireo ny antom-pisiany sy ny nanirahana Azy Izy : manompo sy manolotra ny ainy, ho mpanompon'ny rehetra fa tsy ilay mpangeja amin'ny endriky ny fanandevozana.

**« Manolotra ny ainy ho takalo-panavotana »**, niteraka fifanipahan-kevitra tokoa io teny io satria nipoitra avy amin'ny matoanteny izay midîka hoe manala fatotra, mamaha, manafaka. Izany no nataon'i Jesoa nandritra ny fiainany ampahibemaso tamin'ny alàlan'ireo fahagagana nataony izay tanterin'ny Evanjely amintsika. Andriamanitra anefa tsy manafaka antsika raha tsy eo ny fanekentsika izany, raha tsy mibebaka isika ary ny fandàvantsika ireo dia hovidiany amin'ny ainy ; aina izay ekeny atolotra mba ho tanteraka amin'ny vahoakany sy izao tontolo izao ny asam-pamonjena.

Amin'ny fomba manao ahoana moa no tsy hankasitrahana sy isaorana an'Andriamanitra noho izany famonjena sy fanafahana nataon'i Jesoa ho antsika izany tamin'ny alàlan'ny fahafatesany sy ny fitsanganany ho velona, ary amin'ny maha mpianatr'i Kristy antsika, miaraka amin'ny fanampian'ny Fanahy Masina, ny hanohizana ny asany mba hisitraka izany fahafahan'ny zanak'Andriamanitra izany sy ho afaka amin'izay endrim-panandevozana sy fangejana ireo mpiara-belona amintsika ankehitriny. ■



MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE;
E-mail: rcordium@gmail.com ; http://www.montfortian.info/amqah/